Vaovaon'ny fikarohana ataon'i Blue Ventures Conservation Andavadoaka, Madagascar - Marts 2004

conservation
education
research

Tao anatin'ny fotoana fohy dia tena miroborobo fatratra ny asam-pikarohana ataon'ny Blue Ventures eto Madagascar satria amin'izao fotoana izao dia miitatra hatrany amin'ny zavaboary sy ny toe-karena ary ny mikasika ny mponina ao Andavadoaka ny fahalalàna.

Fanisana ny Karazana Akoram-Bato

Ireo mpikaroka ao amin'ny Blue Ventures dia tsy mitsahatra mampivoatra sy manatsara ny fomba fanisana ny ireo karazan-javaboary misy eny an-toerana. Hatramin'izao dia efa mihoatra ny zato no karazana akoram-bato sy trondro mivelona any amin'ny faraivon-dranomasina voaisa ary betsaka koa ireo tsikaritra (ary vita sary) kanefa tsy mbola fantatra anarana.

Naharitra tokoa ny fanisana ireo akoram-bato sy zava-manan'aina tsy misy hazon-damosina noho ny havitisan'ny zavaboary sy ny hasarotan'ny fahamantarana ny karazana hita teny an-toerana. Na izany aza dia efa eo am-piraiketana ny tahirin-tsary mikasika ireo karazana akoram-bato sy zava-manan'aina tsy misy hazon-damosina izahay.

Ireo mpiara-miasa samy hafy misy ao amin'ny ivon-toeram-pikarohana Institut Halieutiques de Science Marine eto an-toerana no miandraikitra ny fangalana ny santionan'ireo karazana zava-manan'aina tsy misy hazon-damosina rehetra ary mitahiry izany ho an'ny asa fahamantarana sy fikarohana manaraka.

Fanaraha-Maso Maharita

Ny ankamaroan'ny fikarohana dia natao mba hanamafisana ireo rakitra efa misy mikasika ny karazana sy ny toerana ivelomany avy.

Tady misy refy no napetraka maharitra eny ambonin'ireo akoram-bato mandray mpiavy tao anatin'ny valan-javaboary iray ao Atsimo Andrefan'ny Nosy Hao mba handrefesana ny habetsahan'ny akora mafy miforona eo amboniny sy ireo mponina mpiavy hafa rehetra. Rehefa hita ny valin'ny fikarohana dia tsikaritra fa ny 30 ka hatramin'ny 35 % n'ny mpiavy eo dia akora mafy miaina avokoa raha 10 ka hatramin'ny 15% ihany izy ireo teny amin'ny toeran-kafa.



Mihafotsy : Tazana fa nihafotsy ny akoram-bato Porites sp. Izay hita teny amin ńy faritra Atsimon ńreo akora mpadray mpiavy ambanin ńy tady misy refy napetraka tao Nosy Hao.

Nisy fankan-tsary (photo-quadrats) manokana napetraka maharitra teny amin'ireny akora mpandray mpiavy ireny mba hahazoana ny sary sy ny fiovan'ny hodiny mandritra ny taona.

Na dia mbola vitsy aza ny rakitra voatana an-tsoratra nandritra ireo taona nialoha ny fahavasohan'ireo akoram-bato eto Madagasikara ireo dia efa nahatsikaritra ireo mpanao antsitrika an-dranomasina avy amin'ireo ivon-toerana mikarakara ny fizahan-tany ao Anakao sy Ifaty fa tafakatra hatramin'ny 100% no zavaboary maty teny amin'ny toeram-pizahantany marivo.

Raha ny fitrangan-javatra toy izany no dinihina dia mazava ho azy fa toa tranga miseho isan-taona ny fivasoahan'ny akoram-bato eny amin'ny faritra Atsimo Atsinanana iny ary voaporofon'ny fanamarihana nataon'ny mpikaroka nanomboka tamin'ny taona 2000 izany ; ary tsy mitsahatra ny miovaova ny hamafin'izany tranga izany.

Voarain'ny Blue Ventures daholo izany fiovan-doko miseho amin'ny akoram-bato izany amin'ny alalan'ny fankan-tsary mandeha amin'ny solon-tsaina sy ny fanadihadiana mikasika ny kofehy misy refy ampifampiankinana.

Zavaboary Ilaina sy tsy fahita firy

Tato anatin'ny enim-bolana izao dia vitan'ny mpikaroka ny lisitr'ireo zavaboary sy karazam-biby tena ilain'ny zavaboary kanefa mety ho lany taringana sy ireo toerana rehetra ahitana azy ireo.

Biby mandeha amin ándiany na Mégafaune, kely: sokatra maintso vao fohy, Chelonia mydas *(Megaptera 2002)*

Ireto avy ny karazam-biby hita ao anatin'izany lisitra izany karazan-tsokatra telo (Chelonia mydas maintso, Eretmochelys imbricata ary ny sokatra donto loha), ny Dudong (Dudong dudong), karazan-trozona telo (ny dolfina mifaingoka vava, Stenella longirostris – andiany lehibe misy trozona an-jatony maro roa no tazana – ny trozona misy trafony Megaptera noveangliae ary ny antsantsa manify, Balaeonptera physalus). Monina ao koa ny trozona Napoleona, Cheilinus Undulatus.

Ireo Karazam-borona

Toerana maha-te honina ho an'ny karazam-borona maro ny laharam-bato miseho any an-dranomasina, sy ireo bozaka, sy ireo nosy kely ary ny lakandrano an-tanety rehetra misy ao Andavadoaka. Nandritra ny taona iray manontolo dia nanaraka ny morontsiraka vao mangiran-dratsy, raha mbola misintona iny ny ranomasina, ireo mpikaroka ao amin'ny Blue Ventures nanara-maso ireo vorona rehetra monina eny.

Eo am-pandinihina ny rafitr'asa hanaraha-maso ireo vorona ireo miaraka amin'ny fikambanana ASITY (Fikambanana momba ny vorona), ny Birdlife International sy Oniversite any La Réunion izahay amin'izao fotoana izao.

Ny fandehanana vao maraina ihany no tena tetika mahomby raha ta-handinika ny karazam-borona tsy manam-paharoa ao Andavadoaka

Fandinihana ny Anaty Ranomasina

Mbola tsy nisy nandinika mihitsy ny ankabeazan'ny ambany ranomasin' Andavadoaka. Noho izany dia tsy maintsy nampiasa saritany anaty rano lalina izay nanoro làlana any ambany ranomasina sy ireo toro-hevitra avy amin'ny mponina eny an-toerana ary fisitrihina lalina vao nahita ny toerana misy ireo akorambato misy any. Vao tsy ela akory izao, tany amin'ny 15-30 metatra ambany ranomasina tany no nahitana filaharam-bato sy ahitra lava be sy tsingim-bato maro be mahavariana nanaraka ny akoram-bato amin'iny Atsimo Atsinanan'ny Nosy Hao iny.

Siantifika avy amin ńy IHSM mandray an-tsoratra ny marika asehon ńy tady fandrefesana napetraka teo amina fitambaran ́akorambato mafy anaty rano tsy dia lalina loatra.

Ary raha nianatsimo lavitra kokoa izahay dia nahita akorambato miendrika tendrombohitra betsaka tao anaty faritra hihaonan'ny renirano sy ny ranomasina. Tao koa no nahitana karazan-trondo maro be nahavariana tokoa niaraka tamin'ny akoram-bato mafy isan-karazany mitambatambatra sy karazan-javaboary fahita an-drano lalina.

Ireo Toerana Iveloman'ny Zavaboary Amorontsiraka

Ankoatra ny akorambato dia namorona saritany sy nandrakitra an-tsoratra izay rehetra mikasika ny karazana mangrove sy ahitra anaty ranomasina sy faritra masira sy renirano sy alam-Baobaba ary faritra isan-karazany hita anelanelan-driaka koa ny mpikaroka. Tena manan-karena Didieracea sy fitambaran-kazo madinika Adasonia grandidieri maha-talanjona tokoa ny ala ao Andavadoaka.

Alam-Baobaba mikitroka ao Andavadoaka

Ireo tany kely

Teoram-piveloman'ny ankamaroan'ny zavaboary sy zava-manan'aina tahaka ny sokatra sy ny vorona ireo tany kely mitoetra ao Andavadoaka. Ato anatin'ny volana vitsivity ho avy manaraka dia ny mikasika ny mponina sy ny zava-manan'aina rehetra misy ao amin'ny Nosy Hao, Nosy Ve, ary Nosy Andrambovala no hodinihin'ireo mpikaroka sy ho raisiny an-drakitra.

Fitaovana fisintonana trondro (FAD)

Raha ny miezaka manena ny fiantraikan'ny fanjonona amin'ny akoram-bato manan'aina no anton'asan'ny Blue Ventures dia tsy mitsahatra ny manampy ny kaoperativan'ny 22ème Parallèle izahay amin'ilay fandaharan'asa fametrahana fitaovana manokana hisintonana trondro atao hoe FAD. Tsotra ny firafitry ny FAD satria rafitra hazo mitsikafona no afantsika eny an-dranomasina.

Baby-Blue no natao anaran ́ity fitaovana FAD ity. Nafantsika any amin ńy 40m MLW Atsinanan ńy Nosy Hao izy ity

Misintona ahi-dranomasina io fitaovana io ary ny ahitra indray no misintona ny trondro kely mpihinana azy, izay manintona ihany koa ny trondro lehibebe kokoa.

Roa karazany no fitaovana FAD napetraka tao Andavadoaka ary misy 20 no isany noeritreretina hapetraka amin'ny volana manaraka iny. Indrisy anefa fa nosembanan'ny Rivo-doza Elita sy ny oram-baratra mahery maro ireo FAD napetraka tao anatin'ny taona vitsivitry izay. Noho izany dia efa eo am-pandinihina ny fomba mahomby hametrahana itony FAD itony ny mpandinika mba tsy handairan'ny oram-baratra azy itsony.

Na izany aza, dia manara-maso ny fivoaran'ny firafitry ny zavaboary (ecosystème) miforona manodidina ireny fitaovana ireny ihany ireo mpikaroka; ary izy ireo no manamarina ankehitriny fa tsy hita pesipesenina ny karazan-trondro mponina eny amin'ny akorambato hita eny. Ohatra, ireo karazan-trondro mpila ravin'ahitra manaraka ny Dolfina dia hita eny anivon-dranomasina 500 m manodidina ilay FAD lehibe indrindra atao hoe Big Blue.

Fanaraha-Maso ny Jono

Nampiova tokoa ny fomba fanaon'ny mponina tao Andavadoaka ny fahatongavan'ilay sambo Le Havre avy amin'ny oron'asa mpanjono Copefrito tamin'ny taona 2003 raha ny fampiasana ny zavaboary amoron-dranomasina no resahina. Ankehitriny miantsona mandroaka trondro ao Andavadoaka roa herinandro fara-faha keliny mandritra ny fotoam-panjonona ny sambo Le Havre. Raha mbola eo am-pamoronana Saritany jeografika mikasika ny jono sy ny fangalana akoram-bato ny mpikaroka dia manao fanadihadiana ihany koa mikasika ny fomba fanaon'ny mpanjono eny an-toerana mifanaraka amin'ny fisian'ny sambo Le Havre na tsia.

Efa eo am-panomanana ny rakitra rehetra mikasika ny lalam-barotry ny hazan-drano alain'ny mpanelenelan madinika miala avy ao Andavadoaka koa ny mpikaroka amin'izao fotoana izao.

Mpanjono avy ao Andavadoaka miaraka amin'ny hazan-dranony, horita, Octopus.

Misy mpikaroka mpilatsaka an-tsitrapo koa efa nanao fanadihadiana mikasika ny hazan-drano alaina avy ao amin'ny sambo Le Havre ataon'ny sambo madinika manao tamban-jotra.

Fanadihadiana Ara-Tsosialy sy Ara-Toekarena

Amin'izao fotoana izao dia manomana fanadihadiana ara-tsosialy ao Andavadoaka ireo mpikaroka avy ao amin'ny IHSM ary tohanan'ny Institut de Recherche pour le Développement (IRD) na Ivontoeran'ny Fikarohana sy Fampandrosoana. Marihina fa hameno tsara ny asa fikarohana ataon'ny Blue Ventures eny an-toerana izany fanadihandiana izany.

Mpianatra manao fanadihadiana ara-tsosialy sy ara-toekarena ao an-tanànan´ Andavadoaka.

Fandraisana Anjaran'ny Mponina

Mivory matetika miaraka amin'ny mponina ao Andavadoaka izahay mba hanomezana azy ireo ny voka-pikarohana rehetra azonay. Indraindray dia mihoatra ny 100 ny olona tonga miara-midinika sy manome toro-hevitra amin'izany fivoriana izany. Ny fivoriana toy ireny koa no hahazoan'ny mponina bebe kokoa ny tena vontoanton'ny fikarohana ataonay mikasika ny ranomasina. Ho fanampin'izany rehetra izany, dia manome fampianarana teny Angilisy maimaim-poana indray mandeha isan-kerinandro ho an'ny mpianatra sy ny mpampianatra ao amin'ny sekoly kataolika koa ireo mpilatsaka an-tsitrapo avy amin'ny BV.

Noheverinay fa ilaina ny hilasian'ireo mpikaroka milatsaka an-tsitrapo avy amin'ny BLUE VENTURESireo ao an-tanàna indray alina mba hisian'ny fifandraisana bebe kokoa amin'ireo mponina ao. Ary hisy fandaharam-pampianarana mikasika ny tontolo iainana hatolotra ho an'ny ankizy isaky ny Asabotsy.

Fampiroboroboana ny Fizahan-tany

Satria faritra tsy mbola misy mpizaha tany loatra ny faritra iasan'ny Blue Ventures aty dia mahatsapa izahay, amin'ny maha-fikambanana mikarakara ny fizahan-tany ara-javaboary ny BV, fa manana andraikitra goavana tokoa amin'ny mponina misy eto an-toerana.

Noho izany dia hiezaka hanabe voho ny fizahan-tany miaraka amin'ny IRD izahay mba hisian'ny fidiram-bola matanjaka ho an'izany mponina izany. Anisan'ny ezaka mifanaraka amin'io tanjona io ny fanofanana ireo mpanoro làlana avy any an-toerana izay efa ilofosana ankehitriny.

Nisy fanadihadiana nataon'ny mpianatra avy amin'ny Oniversite any Edinbourg sy Oxford mikasika ny mety ho vokatry ny firoborobon'ny fizahan-tany any Andavadoaka eo amin'ny fomba fanjonoana tranainy fanaon'ny Vezo ary efa nivoaka ho raki-tsoratra ny vokatry io fanadihadiana io ankehitriny.

Mpikaroka momba ny akorambato avy amin ńy Blue Ventures miresaka amin ńy mpizaha-tany iray mikasika ny hamaritana ny MPA hatao aoriana.

Fari-Pahalalana Ananan'ny Vezo Mikasika ny Zavaboary

Amin'ny mponina rehetra eto Madagasikara dia ny Vezo no manana fahalalàna betsaka indrindra mikasika ny zavaboary ary nampiditra izany fahalalàna tamin'ny antsipirihany izany tao anatin'ny haifombany hatramin'ny taloha. Marihina fa ny fanangonana ny anaranan'ny zavaboary amin'ny fiteny Vezo no namaranana ny fikarohana tamin'ny volana Febroary 2004.

Tamin'ny alalan'ny fanadihadiana natao teo anivon'ny mpanjono eny an-toerana no nahatsapana fa anarana amin'ny teny latina 398 dia avy amin'ny teny Vezo 113. Nalefa tany amin'ny Resolve sy WCS any Antananarivo ny anarana Vezo rehetra voaray ary izy ireo indray no hanampy amin'ny fananganana ny anarana malagasy ho an'ny karazan-javaboary an-dranomasina misy any amin'ity faritra ity.

Ny Fikambana «Alliance Côtière du Capricorne»

Na dia lavitra aza no misy ny foibeny, dia milahatra miaraka amin'ireo fikambanana ara-panjakana sy tsy miankina manao fikarohana mikasika ny morontsiraka any amin'ny faritra Atsimo Atsinanan'i Madagasika ny Blue Ventures. Noho izany dia nanapa-kevitra izahay fa hanamafy kokoa ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny fikambanana sy ivon-toeram-pikarohana hafa miasa eny an-toerana mba

hampifandrindra kokoa ny asam-pikarohana rehetra atao eto Madagasikara.

Izany fiaraha-miasa izany koa no natao mba hahazoana mampiasa tsara izay voka-pikarohana amin'ny rafi-pitantanana ny morontsiraka rehetra misy isam-paritra. Ny Resolve no nanampy betsaka tamin'ny ezaka fandrindrana ny asa-pikarohana rehetra natao tamin'iny faritra iny izay niafara tamin'ny fananganana ny fikambanana ara-kasa « Alliance Côtière du Capricorne » izay hivondronan'ny IHSM, ny COUT (Cellule des Océanographe de l'Université de Toliara), Docteur Récif (Fikambanana tsy miankina ao Ifaty) ary ny Frontier Madagascar. Noforonina io fivondronana io mba hifanakalozan'ireo mpikambana hevitra, hifanekeny amin'izay laharam-pahamehana eny an-toerana, ary hialana amin'ny asa-pikarohana miverin-droa. Ireto avy ny tanjona kendren'ny Alliance :

- Miezaka mampahafantatra misimisy hatrany ny firafitry ny zavaboary anaty ranomasina sy amorontisraka any Atsimo Atsinanan'i Madagascar amin'ny alàlan'ny fikaroahana, fandalinana ny valim-pikarohana, ary fizarana izany amin'ny mpikambana hafa.
- Manampy amin'ny fiarovana sy fampivoarana maharitra ny firafitry ny zavabory eny an-toerana amin'ny alàlan'ny fikarohana siantifika.
- Manampy amin'ny famaritana sy fampandehanana ary fitantanana maharitra ny faritra arovana sy valan-javaboary voaaro eny an-toerana.
- Mamparitaka fomba vaovao itantanana ny zavaboary an-dranomasina sy amorontsiraka eto Madagascar
- Mampivoatra ny famaritana sy fampiasàna fomba fiasa manampy amin'ny fampiasana maharitra ny zavaboary an-dranomasina misy eny an-toerana, ohatra ny fizahan-tany ara-javaboary (écotourisme) sy ny fiompiana am-bala (aquaculture).

Amin'izao fotoana izao dia efa eo am-pandinihina rafitr'asa hanaraha-maso ny akoram-bato an-dranomasina izahay.

Valan-Javaboary an-Dranomasina Voaaro

Voafaritra ao anatin'ny anjara asanay ao amin'ny Alliance du Capricorne ny famaritana valan-javaboary an-dranomasina vaovao any Atsimon'ny Nosy Hao izay tanikely mitoetra 2km andrefan'Andavadoaka. Faritra fanaovana andrana mirefy 3km^2 misy akoram-bato milahatra sy akoram-bato mivoiboitra ary faritra ihaonan'ny rano mamy sy ranomasina. Io vala voaaro io no hitoeran'ny karazan-trondro vao teraka sy ho faritra fiarovan-tenan'izy ireo amin'ny herisetran'ny jono ary koa toerana hisarihana mpitsidi-tany.

Hatrik'asa itarihana ny mpanjono eny an-toerana hiarahana midinika mikasika izay azo atao sy toetra tokony hananana eo anatrehan'izay hatolotra ho valan-javaboary an-dranomasina voaaro.

Ny fitantanana izany faritra voaaro izany hapetraka amin'ny mponina eny an-toerana miaraka amin'ny Blue Ventures ary harindra miaraka amin'ny fiarovana ny fizahan-tany sy ny jono. Amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy mandoa saram-pidirana ireo mpizaha-tany tonga eny ary izay vola azo amin'izany no hiankinan'ny fitantanana ny faritra sy mety hanampy ihany koa hampivoarana ny tetik'asa hohatsangan'ny mponina eny an-toerana. Tena zava-dehibe tokoa ny fampandraisana anjara ny mponina hatrany amboalohany mba hahazoana vokatra maharitra amin'ity tetik'asa ity. Amin'izao fotoana izao dia mikaroka famatsiam-bola izahay mba handefasana ireo tangalamena eny an-toerana hitsidika Valan-javaboary an-dranomasina tontosa

tsara na eto Madagasikara na any Comores. Heverinay fa raha mahita ireny izy ireo dia hitana hatrany ny ezaka efa natombony eo amin'ny fitantanana ny zavaboary amorontsiraka ary haka lesona koa mba hampiasaina ao Andavadoaka.

Raki-Tsary Jeografika (SIG) / Raki-Tsary Anabakabaka

Miankina betsaka amin'ny fahalalànay lalina momba ny karazana misy, ny toerana ipetrahan'ireo karazana ireo, ny fampiasany izay zavatra rehetra manodidina azy, ary indrindra koa miakina amin'ny fahaizanay mampifandray ireo raki-tsoratra sosialy, ara-javaboary ary ara-toekarena ireo ny famaritana sy famoronana ary fampiharana lamim-pitantanana mifanaraka amin'ny filàn'ny faritra iray.

Toy izany koa ny famaritana valan-javaboary an-dranomasina iray. Ny Blue Ventures sy ny Oniveristen'i Toliara dia mikasa ny hanohy ireo asa fanaraha-maso sy fanatonana ny mponina izay efa natombony miaraka amin'ny IHSM sady efa nanomboka sahady ny fanaovana saritany lehibe niakina tamin'ny fiarah-miasa tamin'ireo tangalamena mpitarika sy ireo mpikaroka milatsaka an-tsitrapo ary ireo mpianatra.

Noho izany dia efa eo am-pamolavolana ireo raki-tsary anabakabaka mifandray amin'ireo fikarohana momba ny zavaboary (écologie) sy fikarohana ara-tsosialy. Ny fanangonana ny rakitra rehetra amin'ny alalàlan'ny GPS izay manome ny rakitra ara-jeografika mikasika ny karazana sy andiany rehetra manomboka amin'ny toerana an-dranomasina lalina ka hatramin'izay rehetra mikasika ny jono no hahafahanay mamaritra ny fifandraisan'ny mponina sy ny fahasalaman'ny zavaboary amorontsiraka. Izay rehetra voaray eo no hanampy anay amin'ny fanoroana ny mponina momba izay tetik'ady hitantanana mirindra ny morontsiraka. Ho hita eo amin'ny saritany vita ireo raki-tsary anabakabaka rehetra ilaina amin'ny fanaraha-maso (LANDSAT na IKONOS) ary ireo saritany ho an'ny tatsambo.



Sary anabakabaky ny faritra Andavadoiaka sy Morombe mampiseho ireo tanikely mitandahatra manamorina ny morontsiraka

Amin'ny volana Mey 2004 dia mino izahay fa hahazo sary mazava kokoa isika noho ny fampiharana sary alaina avy eny ambony fiara-manidina. Ireto avy ny rakitra ho azo amin'izany : ireo karazana toerana iainan'ny zavaboary, ireo biby tsy misy hazon-damosina hita betsaka any, ireo karazan-javamaniry sy trondro misy any miaraka amin'ireo rakitra ara-jeografika GPS mifanaraka aminy. Izany rakitra rehetra izany no hahafahana manatontosa saritany mazava mikasika ny toeram-piveloman'ireo karazana ireo. Ny olon'ny ReefMap izay manana traikefa manokana momba ny SIG no nampiofana andiana mpikaroka sy mpianatra avy amin'ny IHSM momba ny rafitra Arcview izay hanampy azy ireo amin'ny fitehirizana sy fandinihina ny rakitra ara-javaboary rehetra. Rehefa vita ny fandinihina ny ara-tsosialy sy ara-toekarena dia hanampy ireo rakitra ireo ny rakitra rehetra mikasika ny fampiasàna ny zavaboary misy eny an-toerana mba hahafahana mamaritra ny zava-kendrena mifanaraka amin'ny fitantanana miaraka amin'ireo mponina eny an-toerana sy ireo mpikaroka mpiara-miasa.

Fampiofanana

Eo am-pikarohana famatsiam-bola izahay izao mba hanatanterahana ny saritany lehibe izay hanafaingana ny fitantanana ary hamaritana misimisy kokoa ireo karazana sy ny toerana iainany avy ary koa ireo mpampiasa ny zavaboary misy eny an-toerana. Manampy betsaka ny IHSM, izay ivo-toerana tokana mikasika ny ranomasina any Madagasikara, ireo mpikambana ao amin'ny Alliance Côtière du Capricorne satria manome azy ireo raki-tsoratra sarobidy

rehetra mikasika ny firafitry ny akorambato tanteraka any amin'iny faritra Atsimo Atsinanan'i Madagasikara iny. Mety hanampy betsaka tokoa ny IHSM izany rehetra izany eo amin'izay fanapahan-kevitra ho raisiny mikasika ny fitantanana ny morontsiraka sy ny famaritana izay faritra hatao valan-javaboary voaaro. Ankoatra izany, ny fisian'ny Alliance Côtière du Capricorne dia manampy tokoa ny IHSM hampivelatra ny fomba fijeriny raha ny fitantanana ny morontsiraka Atsimo Atsinanana no resahina satria fampifandraisana sy fandrindrana ireo rakitra rehetra azo sy fandinihana sehatra maro ary fandalinana maro no imasoany. Tohizanay hatrany ny ezaka fitadiavana famatsiam-bola mba hamatsiana fitaovana ny IHSM sy hanofanana ny mpiasa ao aminy.

Izany no atao mba hanatanterahan'ny IHSM ny fandinihana ny zavaboary sy ny mpiasa amin'ny lafiny rehetra sy ny fanaraha-maso izay ataony ary koa hahafahany mampifandrindra ny ezaka fitantanana ny morontsiraka sy hahamafy orona ny fahaiza-mitantana sy fahalalàna teknikan'ny mpiasany sy ny mpianatra ao aminy. Noho izany fandalinana anatiny sy fanadihadiana amin'ny sehatra maro izany dia hiavaka ny IHSM raha fitantanana ny morontsiraka no resahana na eny an-toerana na eny amin'ny faritra manodidina. Ho tanteraka ity tetik'asa ity amin'ny alàlan'ny rafitr'asa fampiofanana sy fampandrosoana hatolotra ho an'ny mpiasan'ny ISHM enina sy mpianatra enina hafa ato anatin'ny 15 volana.

This document was created with Win2PDF available at http://www.daneprairie.com.
The unregistered version of Win2PDF is for evaluation or non-commercial use only.